Ny Toetran'ny Fotoana

Samy manana ny fotoany avy ny zavatra rehetra, ary samy manana ny androny avy ny raharaha rehetra atỳ ambanin'ny lanitra: Mpitoriteny 3:1

Boky Dimy Voalohany

Ary rehefa afaka elaela, dia nitondran'i Kaina ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an'i Jehovah. Genesisy 4:3

Fa ny fanekeko haoriko amin'Isaka, izay haterak'i Saraha aminao amin'ny taona toy izao. Genesisy 17:21

Ary hoy Izy: Hiverina aminao tokoa Aho raha avy ny taona; ary, indro, hanana zazalahy Saraha vadinao. Ary Saraha nandre izany teo am-baravaran'ny lay, izay teo ivohony. Ary Abrahama sy Saraha dia efa antitra sady nandroso fahanterana, ary tsy nanana fombam-behivavy intsony Saraha. Dia nihomehy anakampo Saraha ka nanao hoe: Moa mbola hanana fifaliana ihany va aho rehefa antitra toy izao, sady efa antitra koa tompoko? Ary hoy Jehovah tamin'i Abrahama: Nahoana no nihomehy Saraha ka nanao hoe: Hiteraka tokoa va aho, nefa efa antitra izao? Misy zavatra sarotra tsy hain'i Jehovah va? Amin'ny fotoan'andro dia hiverina aminao Aho raha avy ny taona, ary Saraha hanana zazalahy. Genesisy 18:10-14

Dia nanan'anaka Saraha ka niteraka zazalahy tamin'i Abrahama, rehefa antitra izy, tamin'ny fotoana izay efa nolazain'Andriamanitra taminy. Genesisy 21:2

Ary nampandohalehiny teo ivelan'ny tanàna teo amoron'ny fantsakana ny ramevany, rehefa hariva ny andro, dia tamin'ilay fotoana fivoahan'ny vehivavy hantsaka rano iny. Genesisy 24:11

Ary hoy izy: Indro, mbola antoandrobe ny andro, ka tsy mbola mby amin'ny fotoana famoriana ny omby aman'ondry; ampisotroy ny ondry aman'osy, dia mandehana, andraso izy. Genesisy 29:7

Dia ho valin'ny fahamarinako amin'ny andro ho avy izany, rehefa tonga eo anatrehanao ny karamako: izay rehetra tsy misy mara na misy sada eo amin'ny osy, ary izay tsy mainty eo amin'ny ondry, dia ho halatro izany. Genesisy 30:33

Ary tamin'ny andro niterahan'ny ondry aman'osy, dia natopiko ny masoko ka nahita tamin'ny nofy, ary, indro, sadika sy mara ary misy sada ny lahy izay nikambana tamin'ny ondry aman'osy. Genesisy 31:10

Ary tamin'ny andro nahararianỳ, indro, nisy kambana tao an-kibony. Genesisy 38:27

Ary hatramin'ny andro nanendreny azy ho mpikarakara ny tao an-tranony mbamin'izay rehetra nananany dia notahin'i Jehovah ny tranon'ilay Egyptiana noho ny amin'i Josefa; ary ny fitahian'i Jehovah no tamin'izay rehetra nananany, na tao an-trano na tany an-tsaha. Genesisy 39:5

fa raha tsy nijanonjanona izahay dia efa niverina fanindroany toy izao. Genesisy 43:10

Ary rehefa nanakaiky ny andro hahafatesan'Isiraely, dia nampaka an'i Josefa zanany izy ka nanao taminy hoe: Raha mba nahita fitia eo imasonao aho, masìna ianao, ataovy eo ambanin'ny feko ny tananao, ka ataovy amiko izay soa sy marina; masìna ianao, aza alevina any Egypta aho. Genesisy 47:29

Ary rehefa afaka ela be, dia maty ny mpanjakan'i Egypta; ary ny Zanak'Isiraely nisento noho ny fanompoana ka nitaraina; ary niakatra tany amin'Andriamanitra ny fitarainany noho ny fanompoana. Eksodosy 2:23

Dia nanamafy ny fony indray Farao tamin'izany andro izany ka tsy nandefa ny olona handeha. Eksodosy 8:32

Ary Jehovah nanendry fotoana ka nanao hoe: Rahampitso no hanaovan'i Jehovah izany zavatra izany eto amin'ny tany. Fa amin'izao fotoana izao dia halefako ny loza rehetra avy amiko hamely ny fonao sy ny mpanomponao ary ny olonao, mba hahafantaranao fa tsy misy tahaka Ahy amin'ny tany rehetra. Indro, rahampitso toy izao dia hampilatsaka havandra be dia be Aho, izay tsy mbola nisy toy izany tany Egypta hatramin'ny nanorenana azy ka hatramin'izao. Dia naniraka Farao ka nampaka an'i Mosesy sy Arona ka nanao taminy hoe: Efa nanota aho tamin'izao; marina Jehovah, fa izaho sy ny oloko no meloka. Eksodosy 9:5,14,18,27

Ary raha hanontany anao ny zanakao amin'ny andro ho avy ka hanao hoe: Inona no anton'izao? dia holazainao aminy hoe: Tanana mahery no nitondran'i Jehovah antsika nivoaka avy tany Egypta, tamin'ny trano nahandevozana. Ary raha mafy ny fon'i Farao ka tsy nety nandefa antsika, dia novonoin'i Jehovah ny lahimatoa rehetra tany amin'ny tany Egypta, hatramin'ny lahimatoan'ny olona ka hatramin'ny lahimatoan'ny biby; koa izany no anaterako ho fanatitra ho an'i Jehovah ny lahy voalohan-teraka rehetra, fa ny lahimatoa rehetra amin'ny zanako kosa dia avotro. Eksodosy 13:14-15

Raha mitsangana indray izy ka mandehandeha eny ivelany mitehina amin'ny tehiny, dia ho afaka ihany ilay namely azy; kanefa handoa ny andro very izy sady hanasitrana azy tsara. Fa raha omby efa zatra nanoto tamin'ny tandrony teo aloha, sady efa nambara tamin'ny tompony izany, nefa tsy nitazona azy tao an-trano izy, fa nahafaty lehilahy na vehivavy, dia hotoraham-bato ny omby, ary ny tompony koa hovonoina. Fa raha fantatra fa omby efa zatra nanoto teo aloha, nefa tsy nitazona azy ny tompony, dia hanonitra omby ho solon'ny omby tokoa izy; ary ny maty dia ho azy. Eksodosy 21:19,29,36

Tandremo ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira; hafitoana no hihinananao ny mofo tsy misy masirasira, araka izay nandidiako anao, amin'ny fotoan'andro amin'ny volana Abiba, fa tamin'izany no nivoahanao avy tany Egypta; ary aoka tsy hisy hiseho foana eo anatrehako tsy mitondra fanatitra. Eksodosy 23:15

Tandremo ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira. Hafitoana no hihinananao mofo tsy misy masirasira, araka izay nandidiako anao, amin'ny fotoan'andro amin'ny volana Abiba, fa tamin'ny volana Abiba no nivoahanao avy tany Egypta. Henemana no hiasanao, fa amin'ny andro fahafito dia hitsahatra ianao; na amin'ny taom-pamafazana na amin'ny taom-pijinjana dia hitsahatra ianao. Eksodosy 34:18,21

Ary ny fitafiana, na izay ho an'ny tenany, na izay ho fahany, na izay zavatra vita amin'ny hoditra, izay hosasanao, raha afaka aminy ny aretina, dia hosasana fanindroany izy ka dia hadio. Levitikosy 13:58

Ary raha misy vehivavy mandeha rà ela, na dia tsy amin'ny andro fahalotoany aza, na mihoatra noho ny andro fahalotoany, dia haloto tahaka ny amin'ny andro fahalotoany ihany koa ny andro rehetra ahararіany. Levitikosy 15:25

Ary aza maka vady ho rafin'ny rahavaviny izay handry aminy, na handry aminy, raha mbola velona koa izy. Levitikosy 18:18

Kanefa ny tanànan'ny Levita sy ny trano ao amin'ny tanàna izay fananany dia azon'ny Levita avotana amin'ny andro rehetra. Ary dia hisaina amin'izay nividy azy izy hatramin'ny taona nivarotana azy ka hatramin'ny taona Jobily; ary ny vidin'ny nivarotany azy dia ho araka ny isan'ny taona, dia araka ny andron'ny mpikarama no hiheverana azy. Levitikosy 25:32,50

Ary ny fivelezanareo dia ho tratry ny taom-piotazam-boaloboka, ary ny taom-piotazam-boaloboka dia ho tratry ny taom-pamafazana; dia hihinana ianareo ka ho voky; ary handry fahizay eo amin'ny taninareo. Levitikosy 26:5

ary ny toetry ny tany, na lonaka na mahia, na misy hazo eo na tsia. Ary mahereza ianareo, ka makà amin'ny vokatry ny tany. Ary ny andro dia fotoam-boaloboka voaloham-bokatra. Nomery 13:20

Ary holazainy amin'ny mponina amin'ity tany ity izany; fa efa reny fa Hianao Jehovah no eto amin'ity firenena ity, ary Hianao Jehovah no hita mifanatrika, ary ny rahonao mijanona eo amboniny, ary Hianao no mitarika azy eo aloha amin'ny andri-rahona nony antoandro, ary amin'ny andri-afo nony alina. Nomery 14:14

dia ny nidinan'ny razanay tany Egypta, ary ny nitoeranay tany ela be, ary ny Egyptiana nampahory anay sy ny razanay, Nomery 20:15

Dia nandidy anareo tamin'izany andro izany aho ka nanao hoe: Jehovah Andriamanitrareo efa nanome anareo ity tany ity ho lovanareo; ary ianareo rehetra izay mahery fo dia hita eo alohan'ny rahalahinareo, dia ny Zanak'Isiraely, samy efa voaomana hiady. Dia nandidy an'i Josoa tamin'izany andro izany aho ka nanao hoe: Ny masonao efa nahita izay rehetra nataon'i Jehovah Andriamanitrareo tamin'ireo mpanjaka roa lahy ireo; dia toy izany no hataon'i Jehovah amin'ny fanjakana rehetra izay halehanao. Deoteronomia 3:18,21

Ary Jehovah nandidy ahy tamin'izany andro izany hampianatra anareo didy sy fitsipika, mba harahinareo any amin'ny tany izay efa hidiranareo holovana. Deoteronomia 4:14

Tamin'izany andro izany no nilazan'i Jehovah tamiko hoe: Manapaha vato fisaka roa ho anao tahaka ilay teo, ka miakara ho aty amiko etỳ an-tendrombohitra, ary manaova fiara hazo ho anao. Tamin'izany andro izany no nanokanan'i Jehovah ny firenen'i Levy hitondra ny fiaran'ny faneken'i Jehovah sy hijanona eo anatrehan'i Jehovah hanao fanompoam-pivavahana ho Azy sy hitso-drano amin'ny anarany mandraka androany. Ary nitoetra tao an-tendrombohitra efa-polo andro sy efa-polo alina tahaka ny teo aloha aho; ary Jehovah nihaino ahy tamin'izany andro izany koa ka tsy nety nandringana anao Jehovah. Deoteronomia 10:1,8,10

Raha manao fahirano tanàna ela ianao ka manafika azy mba hahazoana azy, dia aza simbana amin'ny famaky ny hazo eo; fa ho azonao hohanina ihany koa ny amin'ireo, ary aza kapaina koa, fa ny hazo any an-tsaha dia olona ihany no azonao ampiasaina amin'ny fahirano. Deoteronomia 20:19

FIAINANY TALOHA

Ary rehefa maizina ny andro, dia nivoaka ny lehilahy; tsy fantatro izay nalehany; enjeho faingana izy, fa ho tratranareo. Josoa 2:5

Dia niantso ny lehilahy roa ambin'ny folo izay nofidiny tamin'ny Zanak'Isiraely i Josoa, dia lehilahy iray avy isam-poko; ary hoy i Josoa taminy: Mandehana eo alohan'ny fiaran'i Jehovah Andriamanitrareo ho eo afovoan'i Jordana, ka samia manainga vato iray avy ho eo an-tsorony ianareo rehetra, araka ny isan'ny firenen'ny Zanak'Isiraely, mba ho famantarana eo aminareo izany, raha manontany ny rainy ny taranakareo amin'ny andro ho avy hoe: Inona no anton'ireto vato ireto? dia valio hoe: Tapaka teo anoloan'ny fiaran'ny faneken'i Jehovah ny ranon'i Jordana; fa raha nita an'i Jordana ny fiaran'i Jordana, dia tapaka ny ranon'i Jordana; ary ireo vato ireo dia ho fahatsiarovana mandrakizay ho an'ny Zanak'Isiraely. Josoa 4:4-7

Tamin'izany andro izany no nilazan'i Jehovah tamin'i Josoa hoe: Manaova antsy maranitra ho anao, ka forao fanindroany indray ny Zanak'Isiraely. Josoa 5:2

Ary tamin'ny fanimpitony, raha nitsoka ny trompetra ny mpisorona, dia hoy Josoa tamin'ny vahoaka: Manakorà; fa efa nomen'i Jehovah anareo ny tanàna. Josoa 6:16

Ary rehefa nahita izany ny mpanjakan'i Ay, dia nifoha maraina koa izy ka nivoaka faingana ny lehilahy tao an-tanàna hiady amin'ny Isiraely, dia izy sy ny vahoakany rehetra, tamin'ny fotoana nifanaovany teo anoloan'ny tani-hay; nefa tsy fantany fa nisy otrika nanotrika azy tao an-damosin'ny tanàna. Josoa 8:14

Ary ireo mpanjaka rehetra ireo sy ny taniny dia azon'i Josoa indray mandeha ihany, satria Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, no niady ho an'ny Isiraely. Josoa 10:42

Ary hoy Jehovah tamin'i Josoa: Aza matahotra azy; fa rahampitso toy izao dia hatolotro ho faty eo anatrehan'ny Isiraely izy rehetra; hotapahinao ny soavalin'ny Isiraely, ary hodoranao amin'ny afo ny kalesiny. Dia niverina Josoa tamin'izany andro izany ka naka an'i Hazora ary namely ny mpanjakany tamin'ny sabatra; fa Hazora no lohan'ireny fanjakana rehetra ireny fahiny. Ary niady ela tamin'ireny mpanjaka rehetra ireny Josoa. Ary tamin'izany andro izany dia tonga Josoa ka nandringana ny Anakita tany amin'ny tany havoana, dia tany Hebrona sy Debira sy Anaba sy tany amin'ny tany havoan'i Joda rehetra ary tany amin'ny tany havoan'ny Isiraely rehetra; dia nandringana azy sy ny tanànany rehetra Josoa. Josoa 11:6,10,18,21

Koa hoy izahay: Raha tàhiny lazainy aminay na amin'ny taranakay izany any aoriana any, dia holazainay indray hoe: Jereo ny endriky ny alitaran'i Jehovah, izay nataon'ny razanay, tsy hanaterana fanatitra dorana na fanatitra hafa alatsa-drà, fa vavolombelona ho amintsika sy ho aminareo izany. Josoa 22:28

Ary rehefa ela, rehefa nomen'i Jehovah fitsaharana ho an'ny Isiraely tamin'ny fahavalony rehetra manodidina, dia efa zoki-olona sady nandroso fahanterana Josoa. Josoa 23:1

Mandehana mitaraina amin'ireo andriamanitra izay efa nofidinareo; aoka ireo no hamonjy anareo amin'ny andron'ny fahorianareo. Mpitsara 10:14

Ary rehefa afaka elaela, dia niady tamin'ny Isiraely ny taranak'i Amona. Raha nitoetra telon-jato taona tany Hesbona sy ny zana-bohiny ary tany Aroera sy ny zana-bohiny ary tany amin'ny tanàna rehetra amoron'i Arnona ny Isiraely, koa nahoana no tsy nalainareo ny tany tamin'izany andro izany? Mpitsara 11:4,26

Fa hoy ny vadiny taminy: Raha sitrak'i Jehovah ny hahafaty antsika, dia tsy ho nandray fanatitra dorana sy fanatitra hohanina tamin'ny tanantsika Izy, ary tsy ho naneho antsika izany zavatra rehetra izany, ary tsy ho nilaza tamintsika izany zavatra izany toy izao ankehitriny izao. Mpitsara 13:23

Fa tsy fantatry ny rainy sy ny reniny fa avy tamin'i Jehovah izany, satria nitady izay hiadiany tamin'ny Filistina Izy; fa tamin'izany andro izany ny Filistina no nanapaka ny Isiraely. Mpitsara 14:4

Ary nony tonga ny andro, dia nanan'anaka Hana ka niteraka zazalahy, ary ny anarany nataony hoe Samoela, fa hoy izy: Tamin'i Jehovah no nangatahako azy. 1 Samoela 1:20

Ary Jehovah niantso an'i Samoela indray fanintelony. Dia nifoha izy ka nankao amin'i Ely ary nanao hoe: Inty aho, fa niantso ahy ianao. Dia fantatr'i Ely fa Jehovah no niantso ny zaza. 1 Samoela 3:8

Rahampitso toy izao dia haniraka lehilahy iray avy amin'ny tanin'ny Benjamina ho atỳ aminao Aho, ary hohosoranao ho mpanapaka ny Isiraely oloko izy ka hamonjy ny oloko amin'ny tanan'ny Filistina; fa efa nijery ny oloko Aho, satria efa mby atỳ amiko ny fitarainany. 1 Samoela 9:16

Ary hoy izy tamin'ny iraka izay tonga teo: Izao no holazainareo amin'ny lehilahy ao Jabesi-gileada: Rahampitso amin'ilay efa mafampana iny dia hisy famonjena ho anareo. Dia tonga ny iraka ka nilaza izany tamin'ny lehilahy ao Jabesi-gileada; ka dia faly ireo. 1 Samoela 11:9

Ary ny andro nanjakan'i Davida tao Hebrona tamin'ny taranak'i Joda dia fito taona sy enim-bolana. 2 Samoela 2:11

Fa hatry ny fony fahiny koa, fony Saoly mbola nanjaka taminay aza, dia ianao no nitarika ny Isiraely nivoaka sy niditra; ary Jehovah efa nilaza taminao hoe: Hianao no ho mpiandry ny Isiraely oloko, ary ianao no ho mpanapaka ny Isiraely. 2 Samoela 5:2

Fa tsy mbola nitoetra an-trano Aho hatramin'ny nitondrako ny Zanak'Isiraely niakatra avy tany Egypta ka mandraka androany, fa nifindrafindra toerana tao anaty lay sy tao anaty tabernakely ihany, ary hatramin'ny andro nanendreko mpitsara ho mpifehy ny Isiraely oloko sy nampiadana anao tamin'ny fahavalonao rehetra. Ary Jehovah koa milaza aminao fa Izy no hanome taranaka ho anao. 2 Samoela 7:6

Ary nony niherina ny taona, ka mby amin'ny andro fiaingan'ny mpanjaka hiady, dia naniraka an'i Joaba sy ny mpanompony ary ny Isiraely rehetra Davida, ary nandringana ny taranak'i Amona ireo sady nanao fahirano an'i Raba; fa Davida kosa nijanona tany Jerosalema ihany. 2 Samoela 11:1

Ary Absaloma dia naniraka naka an'i Joaba mba hanirahany azy ho any amin'ny mpanjaka, fa tsy nety nankany aminy izy; ary rehefa naniraka fanindroany indray izy, dia tsy nety nankany ihany koa. 2 Samoela 14:29

Ary hoy Hosay tamin'i Absaloma: Tsy mety ny hevitra nataon'i Ahitofela amin'izao fotoana izao. 2 Samoela 17:7

Dia lasa Amasa namory ny lehilahy amin'ny Joda; fa nandiso ny fotoana nomeny azy izy. 2 Samoela 20:5

Dia niteny ravehivavy ka nanao hoe: Izao no fitenin'ny olona taloha: Aoka hanontany ao Abela izy; koa dia toy izany no nahavitany ny raharaha. 2 Samoela 20:18

Ireto avy ny anaran'ny lehilahy maherin'i Davida: Ilay Takemonita no nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana sady lehiben'ny mpanafika malaza; io no Adino Eznita; izy no nanainga ny lefony namely valon-jato lahy ka nahafaty azy indray mandeha monja. Ary nisy telo lahy tamin'ny lehiben'ny telo-polo lahy nidina ka tonga tany amin'i Davida tao amin'ny zohy Adolama nony fararano; ary ny miaramilan'ny Filistina nitoby teo amin'ny Lohasahan'ny Refaita. Ary Benaia, zanak'i Joiada, zanaky ny lehilahy mahery avy any Kabzela, izay nanao asa be, dia namono roa lahy tahaka ny liona tany Moaba; ary nidina koa izy ka namono liona tao an-davaka tamin'ny andro nisy oram-panala; 2 Samoela 23:8,13,20

Koa dia nandefasan'i Jehovah areti-mandringana ny Isiraely hatramin'ny maraina ka hatramin'ny fotoana voatondro; ary dia nahafatesana fito alina ny olona hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba. 2 Samoela 24:15

Ary ny rainy tsy mba nampalahelo azy na oviana na oviana nanao hoe: Nahoana ianao no manao toy izany? sady lehilahy tsara tarehy tokoa izy; ary ny reniny no naterany nanarakaraka an'i Absaloma. 1 Mpanjaka 1:6

Ary Abiatara mpisorona dia nilazan'ny mpanjaka hoe: Mandehana any Anatota ho any amin'ny sahanao, fa mendrika ny ho faty ianao; nefa tsy hataoko maty amin'izao andro izao ianao, satria nitondra ny fiaran'i Jehovah Tompo teo alohan'i Davida raiko ianao sady efa niharan'ny fahoriana tamin'izay rehetra nahazoan'ny raiko fahoriana. 1 Mpanjaka 2:26

Ary tamin'izany andro izany Solomona sy ny Isiraely rehetra teo aminy, dia fiangonana lehibe hatrany amin'ny vavan'i Hamata ka hatramin'ny lohasahan-driak'i Egypta, dia nitandrina andro firavoravoana teo anatrehan'i Jehovah Andriamanitsika hafitoana sy hafitoana andro, dia efatra ambin'ny folo andro. 1 Mpanjaka 8:65

dia niseho tamin'i Solomona fanindroany Jehovah tahaka ilay nisehoany taminy tao Gibeona. 1 Mpanjaka 9:2

Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hoe: Jehovah ô, Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra rehetra izao. 1 Mpanjaka 18:36

Ary nony fanimpitony, dia hoy izy: Indro, misy rahona kely miakatra avy eny an-dranomasina toy ny tànan'olona. Dia hoy izy: Miakara, ka lazao amin'i Ahaba hoe: Amboary ny kalesinao, dia midìna, fandrao voasakan'ny ranonorana ianao. 1 Mpanjaka 18:44

Ary avy fanindroany indray Ilay Anjelin'i Jehovah, dia nanohina azy ka nanao hoe: Mitsangàna, ka mihinàna, fa lavitra loatra ny halehanao. 1 Mpanjaka 19:7

Ary hoy izy: Amin'ny taona toy izao, raha avy ny taona, dia hitrotro zazalahy ianao. Fa hoy ravehivavy: Tsia, tompoko, lehilahin'Andriamanitra ô, aza mandainga amin'ny ankizivavinao. Dia nanan'anaka ravehivavy ka niteraka zazalahy tamin'izany taona izany araka ny nolazain'i Elisa taminy. 2 Mpanjaka 4:16-17

Fa hoy izy taminy: Tsy mba nanaraka anao ihany va ny foko raha niverina niala tamin'ny kalesy hitsena anao ralehilahy? Moa andro handraisana vola sy handraisana fitafiana sy tanim-oliva sy tanim-boaloboka sy ondry sy omby sy ankizilahy ary ankizivavy va izao? 2 Mpanjaka 5:26

Dia hoy Elisa: Mihainoa ny tenin'i Jehovah ianareo: Izao no lazain'i Jehovah: Rahampitso toy izao dia ho sekely iray ny vidin'ny lafarinina tsara indrindra iray famarana, ary ho sekely iray koa ny vidin'ny vary hordea indroa famarana eo am-bavahadin'i Samaria. 2 Mpanjaka 7:1

Ary Finehasa, zanak'i Eleazara, no mpanapaka azy taloha, ary Jehovah nomba azy. 1 Tantara 9:20

Ary hatry ny fahiny ihany koa, fony mbola nanjaka aza Saoly, dia ianao no nitarika ny Isiraely nivoaka sy niditra; ary Jehovah Andriamanitrao nilaza taminao hoe: Hianao no ho mpiandry ny Isiraely oloko, ary ianao no ho mpanapaka azy. 1 Tantara 11:2

Ary izao no isan'ny lehilahy maherin'i Davida: Jasobeama, avy any Hakmony, lehiben'ny mpanafika malaza; izy no nanainga ny lefony namely telonjato lahy ka nahavoa azy indray mandeha monja. 1 Tantara 11:11

Tamin'izany andro izany, nony hitan'i Davida fa Jehovah no namaly azy teo amin'ny famoloan'i Ornana Jebosita, dia namono zavatra hatao fanatitra teo izy. 1 Tantara 21:28

Ary rehefa afaka elaela, rehefa afaka roa taona, dia nivoaka ny tsinainy noho ny aretiny; ka dia maty tamin'ny aretina mafy izy. Ary ny vahoakany tsy mba nandoro zavatra ho fisaonana azy tahaka ny nandoroana ny razany. 2 Tantara 21:19

Ary tamin'ny andro nitondran'ny Levita ny vata ho any amin'ny biraon'ny mpanjaka, rehefa hitany fa be ny vola, dia avy ny mpanoratry ny mpanjaka sy ny tandapa voatendrin'ny mpisoronabe ka nanaisotra izay rehetra tao amin'ny vata, dia naka izany ka nitondra azy ho any amin'ny fitoerany indray. Toy izany no nataony isan'andro, ka nanangona vola be dia be izy. 2 Tantara 24:11

Ary taorian'ny andro nialan'i Amazia tamin'ny fanarahana an'i Jehovah dia niodina taminy tany Jerosalema ny olona, ka dia nandositra nankany Lakisy izy; fa naniraka nanaraka azy tany Lakisy ny olona ka namono azy tany. 2 Tantara 25:27

Ary tamin'ny andro fahoriany dia vao mainka nanota tamin'i Jehovah izy. 2 Tantara 28:22

Ary hoy ny mpanjaka tamiko (ny vadin'ny mpanjaka koa nipetraka teo anilany): Hafiriana no handehananao, ary rahoviana ianao no hiverina? Dia sitraky ny mpanjaka ny naniraka ahy; ary dia nilaza fotoana taminy aho. Nehemia 2:6

Koa dia natolotrao ho eo an-tànan'ny fahavalony izy, ka nampahory azy ireo; ary tamin'ny andro fahoriany dia nitaraina taminao izy, ka nihaino azy tany an-danitra Hianao, ary araka ny haben'ny famindram-ponao dia nomenao mpamonjy izy, ka namonjy azy tamin'ny tanan'ny fahavalony ireo. Nehemia 9:27

Fa raha mangina mihitsy ianao amin'izao andro izao, dia hisy fahafahana sy famonjena hiseho avy amin'ny fitoerana hafa ho an'ny Jiosy, fa ianao sy ny mpianakavin-drainao kosa dia haringana; ary iza no mahalala, fa angamba ho amin'izao andro izao indrindra no nanandratanao ny fanjakana? Estera 4:14

Tononkalo

Moa tsy misy fe-potoana voatendry ho an'ny olombelona etỳ ambonin'ny tany? Moa tsy tahaka ny andron'ny mpikarama va ny androny? Joba 7:1

Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy? Hantenaiko mandritra ny andro rehetra hiainako, mandra-pahatongan'ny fiovan'ny fiainako. Joba 14:14

Fantatrao va ny fotoana iterahan'ny osy any amin'ny harambato? Ary fantatrao va ny fotoana iterahan'ny dieravavy? Mahisa ny volana ahatanterahany va ianao? Na fantatrao va ny fotoana iterahany? Joba 39:1-2

Efa nametraka fifaliana tao am-poko Hianao mihoatra noho ny tamin'ny andro nahabetsahan'ny variny sy ny ranom-boalobony. Salamo 4:7

Jehovah koa no ho fiarovana avo ho an'ny ampahorina, ho fiarovana avo amin'ny andro fahoriana Izy. Salamo 9:9

Ny tenin'i Jehovah dia teny madio, tahaka ny volafotsy voadio tao anatin'ny memy mitsoriaka amin'ny tany, eny, voadio impito. Salamo 12:6

Hataonao toy ny fatana mirehitra izy amin'ny andro hisehoanao; Jehovah handany azy amin'ny fahatezerany, ary handevona azy ny afo. Salamo 21:9

Fa amin'ny andro fahoriana dia hanafina ahy ao an-trano fialofany Izy; hanafina ahy ao amin'ny fierena ao an-dainy Izy; hanandratra ahy eo ambonin'ny vatolampy Izy. Salamo 27:5

Eo an-tananao ny androko; Vonjeo aho amin'ny tanan'ny fahavaloko sy izay manenjika ahy. Salamo 31:15

Fa izany no hivavahan'ny tsara fanahy rehetra aminao amin'izay andro hahitana Anao; eny tokoa, na dia tondraka aza ny rano be, dia tsy hahatratra azy izany. Salamo 32:6

Salamo nataon'i Davida, fony izy niova fitondran-tena teo anatrehan'i Abimeleka, dia noroahiny ka lasa izy. Hisaotra an'i Jehovah mandrakariva aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy. Salamo 34:1

Tsy ho menatra amin'ny andro fahoriana izy ireo; ary amin'ny andro mosarena dia ho voky izy ireo. Fa ny famonjena ny marina dia avy amin'i Jehovah; Izy no fiarovana mafy ho azy ireo amin'ny andro fahoriana. Salamo 37:19,39

(Ho an'ny mpitendry mozika. Salamo nataon'i Davida.) Sambatra izay mahatsiaro ny malahelo; Jehovah hamonjy azy amin'ny andro fahoriana. Salamo 41:1

Efa renay tamin'ny sofinay, Andriamanitra ô, ny razanay nilaza taminay ny asa nataonao tamin'ny androny, dia tamin'ny andro fahiny. Salamo 44:1

Amin'ny andro atahorako dia hatoky Anao aho. Salamo 56:3

Matokia Azy mandrakariva ianareo, ry olona; loary eo anatrehany ny fonareo; Andriamanitra no aro ho antsika. (Salamo 62:8)

Fa izaho kosa, ny fivavako dia aminao, Jehovah ô, amin'ny andro fankasitrahana; Andriamanitra ô, noho ny haben'ny famindram-ponao dia valio aho araka ny fahamarinan'ny famonjenao. Salamo 69:13

Aza manary ahy, rehefa antitra aho; ary aza mahafoy ahy, rehefa ketraka ny heriko. Salamo 71:9

Kanefa Andriamanitra kosa be famindram-po, dia namela ny helony ka tsy nandringana azy; eny, imbetsaka Izy no nampitony ny fahatezerany, ka tsy nofohaziny avokoa ny fahavinirany rehetra. Salamo 78:38

Izay mankahala an'i Jehovah dia ho nanaiky Azy, ka dia haharitra mandrakizay ny andron'ny oloko. Salamo 81:15

Tsarovy ny hafohin'ny androko; nahoana no nataonao foana ny zanak'olombelona rehetra? Salamo 89:47

Hitsangana Hianao ka hamindra fo amin'i Ziona; fa efa andro hamindram-po aminy izao, eny, tonga ny fotoana voatendry. Salamo 102:13

Naniraka lehilahy hialoha azy Izy, dia Josefa, izay namidy ho andevo, izay nampijaliana ny tongony tamin'ny gadra vy; Mandra-pihavin'ny fotoana hahatongavan'ny teniny; Ny tenin'i Jehovah nizaha toetra azy. Ny mpanjaka naniraka ka namaha azy, Eny, ny mpanapaka ny vahoaka, ka nandefa azy handeha. Salamo 105:17-20

Sambatra izay mitandrina ny rariny Ka izay manao ny marina mandrakariva. Salamo 106:3

Matetika Izy no namonjy azy; Fa ireo kosa niodina taminy tamin'ny fisainany ka nanetry tena noho ny helony. Kanefa nijery ny fahoriany Izy, raha nandre ny fitarainany; Salamo 106:43-44

Isaorana anie ny anaran'i Jehovah Hatramin'izao ka ho mandrakizay. Salamo 113:2

Fa izahay hisaotra an'i Jehovah Hatramin'izao ka ho mandrakizay. Miderà an'i Jehovah. Salamo 115:18

Torotoro ny fanahiko noho ny faniriany ny fitsipikao mandrakariva. Salamo 119:20

Impito isan'andro no iderako Anao Noho ny fitsaranao marina. Salamo 119:64

Efa andro tokony hiasanao izao, Jehovah ô; Fa nandika ny lalànao ny olona. Salamo 119:126

Jehovah hiaro anao, na mivoaka na miditra, Hatramin'izao ka ho mandrakizay. Salamo 121:8

(Fihirana fiakarana.) Mafy no nampahory ahy hatry ny fony aho mbola kely, Eny, aoka hataon'ny Isiraely hoe: Mafy no nampahory ahy hatry ny fony aho mbola kely, Nefa tsy naharesy ahy izy. Salamo 129:1-2

Izay sakaiza tia amin'ny andro rehetra, Sady miseho ho rahalahy hamonjy amin'ny fahoriana. Ohabolana 17:17

Fa potraka impito ny marina, nefa tafarina ihany; Fa ny ratsy fanahy kosa solafaka, raha azom-pahoriana. Ohabolana 24:16

Toy ny hatsiakan'ny oram-panala amin'ny fararano, dia toy izany ny iraka mahatoky amin'izay naniraka azy; fa mamelombelona ny fanahin'ny tompony izy. Ny fahatokisana ny olona mpivadika amin'ny andro fahoriana dia toy ny nify tapaka sy ny tongotra mangozohozo. Ohabolana 25:13,19

Raha misy zavatra azo lazaina hoe: Indro, vaovao ity, dia efa nisy ela be izany, izay efa nisy talohantsika ihany. Mpitoriteny 1:10

Ny zavatra rehetra dia samy manana ny fotoany avy, ary samy manana ny androny ny raharaha rehetra atỳ ambanin'ny lanitra: Misy fotoana ahaterahana, ary misy fotoana hahafatesana; Misy fotoana hambolena, ary misy fotoana hanongotra izay nambolena; Misy fotoana hamonoana, ary misy fotoana hanasitranana; Misy fotoana handravana, ary misy fotoana hananganana; Misy fotoana hitomany, ary misy fotoana hihomehy; Misy fotoana hisaonana, ary misy fotoana handihizana; Misy fotoana hanariana vato, ary misy fotoana hanangonana vato; Misy fotoana hamihina, ary misy fotoana hifadiana tsy hamihina; Misy fotoana hahazoana, ary misy fotoana hahavery; Misy fotoana hitahirizana, ary misy fotoana hanariana; Misy fotoana handriarana, ary misy fotoana hanjairana; Misy fotoana hanginana, ary misy fotoana hitenenana; Misy fotoana hitiavana, ary misy fotoana hankahalana; Misy fotoana ady, ary misy fotoana hihavanana. Inona no soa azon'izay miasa amin'izay isasarany? Efa hitako ny asa mafy izay nomen'Andriamanitra ny zanak'olombelona mba hianarana amin'izany. Nataony ho tsara tarehy amin'ny fotoany ny zavatra rehetra; ary efa nataony tao am-pony koa izao tontolo izao, mba tsy hisy olona hahalala ny asan'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Fantatro fa tsy misy tsara amin'izy ireo afa-tsy ny mifaly sy ny manao soa amin'ny androny. Ary koa, ny mihinana sy misotro ary mifaly amin'ny fisasarany rehetra dia fanomezan'Andriamanitra. Fantatro fa izay rehetra ataon'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay; tsy azo ampiana na esorina amin'izany; ary Andriamanitra no manao izany mba hatahoran'ny olona eo anatrehany. Izay efa nisy dia efa nisy sahady; ary izay ho avy dia efa nisy sahady; ary Andriamanitra mbola mitady izay efa lasa. Ary koa, hitako atỳ ambanin'ny masoandro fa ny fitoeran'ny fitsarana dia tao; ary ny fitoeran'ny fahamarinana dia tao ny faharatsiana. Hoy aho anakampo: Hitsara ny marina sy ny meloka Andriamanitra; fa any dia misy andro ho an'ny zavatra rehetra sy ny asa rehetra. Mpitoriteny 3:1-17

Aza ratsy loatra ianao, ary aza adala; nahoana no ho faty ianao, raha tsy efa tonga ny andronao? Mpitoriteny 7:17

Izay mitandrina ny didy tsy mba hahatsapa loza; ary ny fon'ny hendry dia mahalala ny fotoana sy ny fitsarana. Fa samy misy fotoana sy fitsarana avokoa ny zavatra rehetra, koa lehibe ny fahorian'ny olona. Fa tsy fantany izay ho avy; fa iza no mahalala azy izay andro hahatongavan'izany? Tsy misy olona manan-kery hihazona ny fanahy; ary tsy manan-kery amin'ny andro hahafatesana izy; ary tsy misy fahafahana amin'izany ady izany; ary ny ratsy fanahy tsy ho afaka hamonjy izay avela ho azy. Izany rehetra izany dia efa hitako, ary nampiasaiko ny foko handinika ny asa rehetra atao atỳ ambanin'ny masoandro: misy andro anapahan'ny olona ny namany ka ampidirany loza aminy. Mpitoriteny 8:5-9

Na dia manao ratsy injato aza ny mpanota ka ela velona, dia fantatro kosa fa hisy soa ho an'izay matahotra an'Andriamanitra, dia izay matahotra eo anatrehany. Mpitoriteny 8:12

Ary hitako atỳ ambanin'ny masoandro indray fa tsy ho an'ny haingan-tongotra ny hazakazaka, ary tsy ho an'ny mahery ny ady, ary tsy ho an'ny hendry ny hanina, ary tsy ho an'ny manan-tsaina ny harena, ary tsy ho an'ny manam-pahaizana ny fitia; fa ny fotoana sy ny sampona dia samy mahazo azy rehetra. Fa tsy fantatry ny olona ny androny; fa toy ny hazandrano azon'ny harato ratsy, ary toy ny vorona voan'ny fandrika, dia toy izany no voafandrika ny zanak'olombelona amin'ny andro mahory, raha mahavoa azy tampoka izany. Mpitoriteny 9:11-12

Miposaka eny amin'ny tany ny voninkazo; tonga ny fotoana fihiran'ny vorona, ary re atỳ amin'ny tanintsika ny feon'ny domohina; Tonon-kiran'i Solomona 2:12

FAMINANIANA

Jehovah ô, mamindrà fo aminay; Hianao no antenainay; aoka ho sandriny isa-maraina Hianao sy ho famonjena anay amin'ny andro fahoriana. Isaia 33:2

Ary ny fahendrena sy ny fahalalana no ho andro tsy mety lany ho anao, ary haren'ny famonjena; ny fahatahorana an'i Jehovah no rakitrao. Isaia 33:6

Aza matahotra na mangovitra ianareo; tsy efa nilaza taminareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara izany? Ary ianareo no vavolombeloko. Misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Eny, tsy misy Andriamanitra hafa; Tsy misy fantatro. Isaia 44:8

Lazao ary ampifanaraho izy ireo; eny, aoka hiara-misaina izy ireo: Iza no efa nanambara izany hatramin'ny taloha? Iza no efa nanambara izany hatramin'ny taloha? Moa tsy Izaho va no Jehovah? Ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho, dia Andriamanitra marina sady Mpamonjy; tsy misy afa-tsy Izaho. Isaia 45:21

Izay manambara ny farany hatramin'ny voalohany, ary nanambara hatramin'ny ela izay tsy mbola natao, dia ny hoe: Ho tò ny fikasako, ary hefaiko izay sitrapoko rehetra, Isaia 46:10

Dia izay manao amin'ny tapa-kazo hoe: Raiko ianao, ary amin'ny vato hoe: Ianao no niteraka ahy; fa efa niamboho Ahy izy ka tsy nanatrika Ahy; nefa amin'ny andro fahoriany kosa dia hanao hoe izy: Mitsangàna, ka vonjeo izahay. Fa aiza moa ireo andriamanitrao izay nataonao ho anao? Aoka hitsangana izy, raha mahavonjy anao amin'ny andro fahorianao; fa araka ny isan'ny tanànanao no isan'ny andriamanitrao, ry Joda ô. Jeremia 2:27-28

Amin'izany andro izany dia hantsoina hoe Seza fiandrianan'i Jehovah Jerosalema; ary hivory any ny firenena rehetra noho ny anaran'i Jehovah any Jerosalema, ary tsy handeha intsony araka ny ditry ny fo ratsiny izy. Jeremia 3:17

Moa menatra va izy ireo raha nanao fahavetavetana? Tsia, tsy mba menatra akory izy ireo ary tsy mba menatra akory; koa izany no hahalavoany ao amin'izay lavo; amin'ny andro hamaliako azy dia ho tafintohina izy, hoy Jehovah. Jeremia 6:15

Eny, ny vano eny amin'ny lanitra dia mahalala ny fotoan'androny, ary ny domohina sy ny vanobe ary ny sidintsidina dia mitandrina ny fotoana fihaviany; fa ny oloko kosa tsy mahalala ny fitsaran'i Jehovah. Moa menatra va izy raha nanao fahavetavetana? Tsia, tsy menatra akory izy sady tsy menatra; koa dia ho lavo eo amin'izay lavo izy; amin'ny andro hamaliana azy dia ho tafintohina izy,

hoy Jehovah. Nanantena fiadanana isika, kanjo tsy nisy soa tonga; ary andro fanasitranana, kanjo indro fahoriana! Jeremia 8:7,12,15

Dia hoy Jehovah: Hahita soa tokoa izay sisa aminao Aho; Hataoko izay hifonan'ny fahavalo aminao amin'ny andro fahoriana sy amin'ny andro fahoriana. Jeremia 15:11

Amin'izany andro izany sy amin'izany fotoana izany dia hampaniry Rantsana fahamarinana ho an'i Davida Aho; ary hanao fitsarana sy fahamarinana amin'ny tany Izy. Jeremia 33:15

Amin'izany andro izany sy amin'izany fotoana izany, hoy Jehovah, dia ho avy ny Zanak'Isiraely, dia izy mbamin'ny taranak'i Joda koa, eny, handeha izy sady hitomany eny am-pandehanana ka hitady an'i Jehovah Andriamaniny. Jeremia 50:4

Indro, hamely anao Aho, ry ilay miavonavona indrindra, hoy Jehovah, Tompon'ny maro; fa tonga ny andronao, dia ny fotoana hamaliako anao. Jeremia 50:31

Mandosira hiala an'i Babylona ianareo, ary samia mamonjy ny ainareo avy; aoka tsy ho voaringana noho ny helony ianareo; fa izao no andro famalian'i Jehovah; Izy no hamaly azy. Jeremia 51:6

Nahoana no dia manadino anay mandrakizay Hianao ka mahafoy anay andro lava? Fitomaniana 5:20

Ary ny haninao izay hohaninao dia hozarainao roa-polo sekely isan'andro; ary indraindray ihany no hihinananao azy. Ary rano afatra no hisotroanao azy, dia ampahenin'ny hina; indraindray ihany no hisotroanao azy. Ezekiela 4:10-11

Tonga ny maraina, ry mponina amin'ny tany; Tonga ny fotoana, efa akaiky ny andro fahoriana, fa tsy ny fihobiana any an-tendrombohitra intsony. Tonga ny fotoana, efa manakaiky ny andro; aoka tsy hifaly ny mpividy, ary aoka halahelo ny mpivarotra; fa iharan'ny fahatezerana ny vahoakany rehetra. Ezekiela 7:7, 12

Ary raha nandalo Aho ka nijery anao, dia, indro, ny fotoananao dia izay tonga tamin'ny fotoam-pitiavana; ary namelatra ny lambako taminao Aho ka nanarona ny fitanjahanao; eny, nianiana taminao Aho ka nanao fanekena taminao, hoy Jehovah Tompo, ka dia efa Ahy ianao. Ezekiela 16:8

Fa efa antomotra ny andro, eny, efa antomotra ny andron'i Jehovah, dia andro mandrahona; ho fotoana hamaliana ny jentilisa izany. Ezekiela 30:3

Ary amin'izany andro izany, raha avy hamely ny tanin'ny Isiraely Goga, hoy Jehovah Tompo, dia hirehitra eo anatrehako ny fahatezerako. Ezekiela 38:18

Dia namaly ny mpanjaka ka nanao hoe: Fantatro marimarina fa te-hanemotra andro ianareo, satria hitanareo fa efa nesorina tamiko ny zavatra. Fa raha tsy hampahafantarinareo ahy ny nofy, dia didy iray ihany no homena anareo; fa ianareo miomana hilaza teny lainga sy ararira eto anatrehako mandra-piovan'ny andro; koa ambarao amiko ny nofy, dia ho fantatro fa mahalaza ny heviny amiko ianareo. Daniela 2:8-9

Dia niditra Daniela ka nangataka tamin'ny mpanjaka mba hanome azy andro sy hanambarany amin'ny mpanjaka ny hevitry ny nofy. Daniela 2:16

Ary Izy no manova ny andro sy ny fizaran-taona; Izy no manaisotra mpanjaka sy mametraka mpanjaka; Izy no manome fahendrena ho an'ny hendry sy fahalalana ho an'izay mazava saina; Daniela 2:21

Ary rehefa tapitra ny andro, izaho Nebokadnezara dia nanandrandra ny masoko tamin'ny lanitra, ary nody tamiko indray ny saiko, ka dia nisaotra ny Avo Indrindra aho ary nidera sy nankalaza Izay velona mandrakizay, ny fanapahany dia fanapahana mandrakizay, ary ny fanjakany hahatratra ny taranaka fara mandimby. Ary ny mponina rehetra amin'ny tany dia hatao tsinontsinona; ary manao araka ny sitrapony amin'ny maro be any an-danitra sy amin'ny mponina amin'ny tany Izy; ary tsy misy mahasakana ny tànany, na manao aminy hoe: Inona no ataonao? Tamin'izay fotoana izay dia nody tamiko indray ny saiko, ary niverina tamiko koa ny voninahitro sy ny famirapiratako ho voninahitry ny fanjakako; ary ny mpanolo-tsaina sy ny andriandahiko nitady ahy, ka dia nampitoerina tamin'ny fanjakako aho, sady nampiana ho ahy ny fahalehibiazana lehibe. Ankehitriny izaho Nebokadnezara dia midera sy manandratra ary manome voninahitra ny Mpanjakan'ny lanitra; marina avokoa ny asany rehetra, ary rariny ny lalany; ary izay mandeha amin'ny avonavona dia hainy aetry. Daniela 4:34-37

Ary nony fantatr'i Daniela fa efa voasonia ny didy, dia nankao an-tranony izy; ary ny varavarankelin'ny efitranony ambony nanandrify an'i Jerosalema dia nisokatra; ary intelo isan'andro no nandohalika izy ka nivavaka sy nisaotra teo anatrehan'Andriamaniny tahaka ny fanaony taloha. Daniela 6:10

Koa aoka ho fantatrao sy ho azonao fa hatramin'ny hivoahan'ny didy hanavaozana sy hanamboarana an'i Jerosalema ka hatramin'ny Mesia Andriana dia ho fito herinandro sy roa amby enimpolo herinandro; haorina indray ny lalana sy ny manda, na dia amin'ny andro mampahory aza. Daniela 9:25

Mamafaza ho anareo araka ny fahamarinana, mijinjà araka ny famindram-po; hevoy ny tany vao ho anareo; fa izao no andro hitadiavana an'i Jehovah ambara-pihaviny sy handatsahany fahamarinana aminareo. Hosea 10:12

Fa, indro, amin'izany andro izany sy amin'izany fotoana izany, raha hampodiko ny Joda sy Jerosalema avy amin'ny fahababoana, dia hangoniko koa ny firenena rehetra ka ho entiko midina ao amin'ny lohasahan'i Josafata izy, ary any no hifandaharako aminy ho an'ny oloko sy ny lovako, dia ny Isiraely, izay naeliny tany amin'ny jentilisa sady nozarainy ny taniko. Joela 3:1-2

Fa fantatro ny hamaroan'ny helokareo sy ny haben'ny fahotanareo: Mampahory ny marina sy mandray kolikoly ary mampivily ny malahelo eo am-bavahady amin'ny rariny izy. Koa hangina ny hendry amin'izany andro izany, fa andro ratsy izao. Ny tsara no tadiavo, fa aza ny ratsy, mba ho velona ianareo; Ka dia homba anareo Jehovah, Andriamanitry ny maro, araka izay efa nolazainareo. Amosa 5:12-14

Ary tonga fanindroany tamin'i Jona ny tenin'i Jehovah nanao hoe: Mitsangàna, mankanesa any Ninive, ilay tanàna lehibe, ary torio aminy ny toriteny izay lazaiko aminao. Jona 3:1-2

Koa izao no lazain'i Jehovah: Indro, mamorona loza hamelezana ity firenena ity Aho, Izay tsy hahazoanareo hanala ny vozonareo; Ary tsy handeha miavonavona ianareo; Fa andro ratsy izao. Mika 2:3

Amin'izany dia hitaraina amin'i Jehovah izy, nefa tsy hihaino azy Izy; Hanafina ny tavany aminy amin'izany andro izany Izy noho ny ratsy nataon'ireo. Mika 3:4

Inona no eritreretinareo hanoherana an'i Jehovah? Hofoanany tanteraka izany; Tsy hiverina fanindroany ny fahoriana. Nahoma 1:9

Fa ny fahitana dia mbola ho amin'ny fotoan'andro, ary ny farany dia ho tanteraka ka tsy handainga; na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona. Habakoka 2:3

Ary amin'izany andro izany dia hozahako amin'ny jiro Jerosalema, ka hovaliako ny olona izay efa leo amin'ny faikany, dia izay manao anakampo hoe: Tsy hanao soa Jehovah, ary tsy hanao ratsy koa. Zefania 1:12

Indro, amin'izany andro izany dia hasiako izay rehetra nampahory anao; ary hovonjeko izay mandringa, ary hovoriko izay noroahina, ary hataoko fiderana sy anarana any amin'ny tany rehetra izay efa nahamenatra azy izany. Amin'izany andro izany dia hampodiko ianareo, eny, amin'ny andro hanangonako anareo; fa hataoko ho anarana sy ho fiderana any amin'ny firenena rehetra amin'ny tany ianareo, raha hampodiko avy amin'ny fahababoana eo imasonareo, hoy Jehovah. Zefania 3:19-20

Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Ity firenena ity manao hoe: Tsy mbola tonga ny andro tokony hanorenana ny tranon'i Jehovah. Dia tonga ny tenin'i Jehovah nentin'i Hagay mpaminany nanao hoe: Moa tonga va ny andro tokony hipetrahanareo ao amin'ny tranonareo misy valindrihana, nefa rava ity trano ity? Koa izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Hevero ny lalanareo. Hagay 1:2-4

Ary hasiako teny mafy ny mpandrapaka noho ny aminareo, ka tsy hanimba ny vokatry ny taninareo intsony ireny, ka dia tsy hahavanom-boa ny voalobokareo any an-tsaha, hoy Jehovah, Tompon'ny maro. Malakia 3:11

Filazantsara sy Asan'ny Apostoly

Ary tamin'izany andro izany dia nanomboka nitory teny Jesosy ka nanao hoe: Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Matio 4:17

Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Aza mamono olona; ary izay mamono olona dia hohelohina amin'ny fitsarana. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra tezitra amin'ny rahalahiny tsy amin'antony dia hohelohina amin'ny fitsarana; ary izay rehetra hanao amin'ny rahalahiny hoe: Olom-poana ianao, dia hohelohina amin'ny Synedriona; ary izay hanao amin'ny rahalahiny hoe: Adala ianao, dia hohelohina amin'ny afo mirehitra. Koa amin'izany, raha mitondra ny fanatitrao eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa manana alahelo aminao ny rahalahinao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, mihavàna amin'ny rahalahinao, ary rehefa afaka izany, dia vao atero ny fanatitrao. Mihavàna faingana amin'ny fahavalonao, raha mbola eo an-dalana ianao, fandrao ny fahavalonao hanolotra anao amin'ny mpitsara, ary ny mpitsara kosa hanolotra anao amin'ny mpamatotra, ka hatao an-tranomaizina ianao. Lazaiko aminao marina tokoa: Tsy ho afaka ao mihitsy ianao, raha tsy efa voaloanao ny variraiventy farany indrindra. Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Aza mijangajanga. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra mijery vehivavy ka maniry azy dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahady. Ary raha ny masonao ankavanana no manafintohina anao, dia esory izy, ka ario ho afaka aminao; fa mahasoa anao ny very ny iray amin'ny momba ny tenanao, fa tsy ny tenanao rehetra no hariana any amin'ny helo. Ary raha ny tananao ankavanana no manafintohina anao, dia tapaho izy, ka ario ho afaka

aminao; fa mahasoa anao ny very ny iray amin'ny momba ny tenanao, fa tsy ny tenanao rehetra no hariana any amin'ny helo. Efa voalaza hoe: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, dia aoka izy hanome azy taratasy fisaoram-bady. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy noho ny fijangajangana, dia mampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady ny nisara-panambadiana dia mijangajanga. Ary koa, efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Aza mianiana tsy marina, fa efao amin'ny Tompo ny fianiananao. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza mianiana akory; na amin'ny lanitra, fa seza fiandrianan'Andriamanitra izany; na amin'ny tany, fa fitoeran-tongony izany; na amin'i Jerosalema, fa tanànan'ny Mpanjaka lehibe izany. Aza mianiana amin'ny lohanao koa, fa tsy mahay mahafotsy na mahamainty na dia singam-bolo iray akory aza ianao. Fa aoka ny teninareo ho Eny, eny; Tsia, tsia; fa izay mihoatra noho izany dia avy amin'ny ratsy. Efa renareo fa voalaza hoe: Maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza manohitra ny ratsy fanahy; fa izay mamely anao amin'ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny ilany. Ary raha misy olona te-hiady aminao amin'ny lalàna ka maka ny akanjonao, dia avelao ho azy koa ny lambanao. Ary na iza na iza no hanery anao handeha iray kilaometatra, mandehana miaraka aminy roa kilaometatra. Omeo izay mangataka aminao, ary aza ilaozana izay te-hisambotra aminao. Efa renareo fa voalaza hoe: Tiava ny namanao, ary ankahalao ny fahavalonao. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo sy manenjika anareo, mba ho zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra ianareo; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina. Fa raha izay tia anareo no tianareo, inona no valisoa azonareo? Moa tsy mba manao toy izany koa va ny mpamory hetra? Ary raha ny rahalahinareo ihany no arahabainareo, inona no ataonareo mihoatra noho ny sasany? Moa tsy mba manao toy izany koa va ny mpamory hetra? Koa aoka ho tanteraka ianareo tahaka ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra. Matio 5:21-48

Ary raha maraina, dia hoy ianareo: Ho ratsy ny andro anio, fa mena sy manjombona ny lanitra. Ry mpihatsaravelatsihy, hainareo ny mamantatra ny tarehin'ny lanitra, fa ny famantarana ny fotoana tsy hainareo fantarina? Matio 16:3

Dia nanatona Azy Petera ka nanao hoe: Tompoko, impiry moa no hanotan'ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramin'ny impito va? Fa hoy Jesosy taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impito amby fitopolo. Matio 18:21-22

Ary hoy Izy: Mankanesa any an-tanàna ho any amin-dralehilahy, ka lazao aminy hoe: Hoy ny Mpampianatra: Efa akaiky ny fotoako; koa ato aminao Aho sy ny mpianatro no hanaovako ny Paska. Matio 26:18

ka nanao hoe: Efa tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara. Marka 1:15

Dia hoy Petera taminy: Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao. Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy olona efa nahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na ray, na reny, na zanaka, na tany, noho ny amiko sy ny filazantsara, ka tsy hahazo zato heny amin'izao andro izao, dia trano sy rahalahy sy anabavy sy reny sy zanaka sy tany mbamin'ny fanenjehana; ary amin'ny andro ho avy dia fiainana mandrakizay. Fa maro izay voalohany no ho farany; ary izay farany no ho voalohany. Marka 10:28-31

Fa amin'izany andro izany dia hisy fahoriana izay tsy mbola nisy toa azy hatramin'ny niandohan'ny famoronana izay nataon'Andriamanitra ka mandraka izao andro izao, sady tsy hisy intsony. Mitandrema, miambena, ary mivavaha; fa tsy fantatrareo izay hihavian'ny fotoana. Marka 13:19,33

Mitandrema ianareo: raha manota aminao ny rahalahinao, dia anaro mafy izy; ary raha mibebaka izy, dia mamelà ny helony. Ary raha manota aminao impito isan'andro izy, ary miverena aminao impito kosa manao hoe: Mibebaka aho, dia mamelà ny helony. Lioka 17:3-4

Dia hoy Petera: Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao. Ary hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy olona izay efa nahafoy trano, na ray na reny, na rahalahy, na vady, na zanaka, noho ny fanjakan'Andriamanitra, izay tsy handray be lavitra amin'izao andro ankehitriny izao, ary amin'ny andro ho avy dia fiainana mandrakizay. Dia naka ny roa ambin'ny folo lahy Izy ka nanao taminy hoe: Indro, miakatra ho any Jerosalema isika, dia ho tanteraka izay rehetra voasoratry ny mpaminany ny amin'ny Zanak'olona. Lioka 18:28-31

Ary hoy Izy: Mitandrema fandrao ho voafitaka ianareo; fa maro no ho avy amin'ny anarako sady hanao hoe: Izaho no Kristy; ary koa: Efa akaiky ny andro; koa aza manaraka azy ianareo. Lioka 21:8

Dia ho lavon'ny lelan-tsabatra izy ka ho entina ho babon'ny firenena rehetra, ary Jerosalema hohitsahin'ny jentilisa mandra-pahatanteraky ny andron'ny jentilisa. Lioka 21:24

Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray; koa ahoana no anaovanao hoe: Asehoy anay ny Ray? Jaona 14:9

Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba tsy ho tafintohina ianareo. Handroaka anareo hiala amin'ny synagoga izy; eny, ho avy ny andro, ka izay rehetra mamono anareo dia hihevitra fa manao fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra izy. Ary izany zavatra izany no hataony aminareo, satria tsy fantany ny Ray na Izaho. Fa izany zavatra izany no efa nolazaiko taminareo, mba hotsaroanareo, rehefa tonga ny andro, fa Izaho efa nilaza izany taminareo. Ary izany zavatra izany dia tsy nolazaiko taminareo hatramin'ny voalohany, satria mbola teo aminareo ihany Aho. Jaona 16:1-4

Efa nolazaiko taminareo tamin'ny fanoharana izany zavatra izany; fa ho avy ny andro izay tsy hilazako fanoharana aminareo intsony, fa hambarako tsotra aminareo ny amin'ny Ray. Jaona 16:25

Hoy indray Izy taminy fanindroany: Ry Simona, zanak'i Jona, tia Ahy va ianao? Hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Hoy Izy taminy: Andraso ny ondriko. Hoy Izy taminy fanintelony: Ry Simona, zanak'i Jona, tia Ahy va ianao? Dia nalahelo Petera, satria Izy nanao taminy fanintelony hoe: Tia Ahy va ianao? Ary hoy izy taminy: Tompoko, Hianao no mahalala ny zavatra rehetra; Hianao no mahalala fa tia Anao aho. Hoy Jesosy taminy: Andraso ny ondriko. Jaona 21:16-17

Koa rehefa tafangona izy ireo dia nanontany Azy hoe: Tompoko, amin'izao fotoana izao va no hampodianao ny fanjakana ho amin'ny Isiraely? Fa hoy Izy taminy: Tsy anareo ny hahalala ny andro na ny fotoana izay efa notendren'ny Ray amin'ny fahefany ihany. Asan'ny Apostoly 1:6-7

Koa mibebaha ianareo, ka miverena, mba hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy izay efa voatendry ho anareo, dia Jesosy, Izay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pihavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain'Andriamanitra ny mpaminaniny masina hatramin'ny voalohany indrindra. Asan'ny Apostoly 3:19-21

Fa rehefa nanakaiky ny fotoana hahatanterahana ny teny fikasana, izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama, dia nitombo sy nihamaro ny olona tany Egypta, Asan'ny Apostoly 7:17

Ary hoy ilay feo taminy fanindroany: Izay efa nodiovin'Andriamanitra dia aza ataonao ho fady. Asan'ny Apostoly 10:15

Dia nitoetra elaela tao izy ireo ka nitory tamin'ny fahasahiana noho ny fahatokiana ny Tompo, Izay nanome vavolombelona ny tenin'ny fahasoavany ka nampanao famantarana sy fahagagana tamin'ny tànany. Asan'ny Apostoly 14:3

ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany no namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany, ary Andriamanitra tsy niraharaha ny andron'ny tsy fahalalana; fa ankehitriny Andriamanitra mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka, Asan'ny Apostoly 17:26,30

Ary rehefa nitoetra tao kelikely izy, dia lasa nandeha nitety ny tany Galatia sy Frygia ka nampahery ny mpianatra rehetra. Asan'ny Apostoly 18:23

Ary raha nitory ny amin'ny fahamarinana sy ny fahononana ary ny fitsarana ho avy izy, dia nangovitra Feliksa ka namaly hoe: Mandehana ange aloha; fa rehefa misy fotoana malalaka, dia hampaka anao indray aho. Asan'ny Apostoly 24:25

Ireo taratasy nosoratana ao

Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro hamonjy ny ratsy fanahy. Romana 5:6

Fa ataoko fa ny fahoriana amin'izao andro ankehitriny izao dia tsy azo ampitahaina amin'ny voninahitra izay haseho amintsika. Romana 8:18

Dia toy izany koa amin'izao andro ankehitriny izao dia misy sisa ihany araka ny fifidianana amin'ny fahasoavana. Romana 11:5

Ary izany no tokony hataontsika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny torimaso; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky kokoa noho ny tamin'ny andro ninoantsika. Romana 13:11

Koa amin'izany aza mitsara na inona na inona alohan'ny fotoana, dia ny fihavian'ny Tompo, Izay hampiharihary ny zavatra takona ao amin'ny maizina ka hampiseho ny fikasan'ny fo; dia amin'izay vao samy hahazo izay dera avy amin'Andriamanitra izy rehetra. 1 Korintiana 4:5

(Fa hoy Izy: Tamin'ny taona fankasitrahana no nihainoako anao, Ary tamin'ny andro famonjena no namonjeko anao; indro, ankehitriny no andro fankasitrahana; indro, ankehitriny no andro famonjena) 2 Korintiana 6:2

fa amin'ny alalan'ny fitoviana, mba ho amin'izao fotoana izao ny haben'ny harenareo no hahafaka ny alahelon'izy ireo, ary mba ho amin'ny haben'ny harenany kosa no hahafaka ny alahelonareo, mba hisy fitoviana, 2 Korintiana 8:14

Fa hoy aho: Raha mbola zaza ny mpandova, dia tsy hafa noho ny mpanompo izy, na dia tompon'ny zavatra rehetra aza, fa fehezin'izay mpitaiza sy mpitaiza azy mandra-pahatongan'ny fotoana voatendrin'ny rainy.
Dia tahaka izany koa isika, fony mbola zaza, dia nandevozin'ny abidim-pianaran'izao tontolo izao; fa rehefa tonga ny fotoan'andro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka teo ambanin'ny lalàna, hanavotra izay teo ambanin'ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganan-anaka. Galatiana 4:1-5

mba hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, dia ho ao aminy, Efesiana 1:10

Hararaoty ny fotoana azo anaovana, fa ratsy izao fiainana izao. Efesiana 5:16

Mandehana amin'ny fahendrena amin'izay ao ivelany, ka hararaoty ny fotoana azo anaovan-tsoa. Kolosiana 4:5

Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia, 1 Timoty 4:1

Ary aoka ho fantatrao izao, fa amin'ny andro farany dia hisy andro mahory. 2 Timoty 3:1

Koa amin'izany dia mananatra anao mafy aho eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesosy Tompo, Izay hitsara ny velona sy ny maty amin'ny fisehoany sy ny fanjakany: Mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra. Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema; fa araka ny filany dia hanangona mpampianatra ho azy izy, hangidihidy sofina; ary hampiala ny sofiny amin'ny fahamarinana izy ka hivily ho amin'ny anganongano. 2 Timoty 4:1-4

fa tamin'ny fotoan'androny dia nasehony ny teniny tamin'ny tori-teny izay natolotra ho adidiko araka ny didin'Andriamanitra, Mpamonjy antsika; Titosy 1:3

Rehefa niteny tamin'ny razana fahiny Andriamanitra tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa tamin'ny alalan'ny mpaminany, Hebreo 1:1

Koa amin'izany dia tokony hotandremantsika mafimafy kokoa izay efa rentsika, fandrao hindaosina hiala aminy isika. Hebreo 2:1

Ary indray dia mametra andro iray Izy, na dia efa ela toy izany aza no nilazany tao amin'i Davida hoe: "Anio", araka ny voalaza hoe: "Raha hihaino ny feony ianareo anio, aza manamafy ny fonareo" (Hebreo 4:7).

Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory. Hebreo 4:16

nefa tsy fantatrareo izay ho ampitso. Fa inona moa ny ainareo? Etona ihany izany, izay miseho vetivety, dia levona. Jakoba 4:14

Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay niteraka antsika indray araka ny haben'ny famindram-pony ho amin'ny fanantenana velona tamin'ny nitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty, ho amin'ny lova tsy mety simba, tsy misy loto, tsy mety levona, voatahiry any an-danitra ho anareo, izay tehirizin'ny herin'Andriamanitra amin'ny finoana ho amin'ny famonjena efa vonona haseho amin'ny andro farany. 1 Petera 1:3-5

Satria fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentina, Izay efa voatendry rahateo, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, fa efa naseho tamin'izao andro farany izao noho ny aminareo, Izay mino an'Andriamanitra amin'ny alalany, dia Izay nanangana Azy tamin'ny maty ka nanome Azy voninahitra, mba hiorenan'ny finoanareo sy ny fanantenanareo amin'Andriamanitra. 1 Petera 1:18-21

Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina", olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany, mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga, dia ianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa ankehitriny efa olon'Andriamanitra; izay tsy namindrana fo, fa ankehitriny efa namindrana fo." 1 Petera 2:9-10

Aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny fitafiana volamena na ny fitafiana tsara tarehy; fa aoka ho toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lo, dia ny fanahy malemy sady tony, izay soa eo imason'Andriamanitra. Fa tahaka izany no niravahan'ny vehivavy masina fahiny, izay natoky an'Andriamanitra, sady nanaiky ny vadiny; dia tahaka an'i Saraha, izay nanaiky an'i Abrahama ka nanao azy hoe "tompoko"; dia zanany ianareo, raha manao soa ka tsy matahotra na inona na inona. 1 Petera 3:3-6

Koa satria nijaly tamin'ny nofo Kristy, dia aoka ho fiadianareo koa izany saina izany; fa izay nijaly tamin'ny nofo dia efa afaka tamin'ny ota, mba tsy handanianareo ny andro sisa amin'ny nofo araka ny filan'ny olona intsony, fa araka ny sitrapon'Andriamanitra. Fa ampy izay ny andro lasa ho nanaovana ny sitrapon'ny jentilisa tamin'ny nandehanana tamin'ny fijejojejoana sy ny filan'ny nofo sy ny fimamoana sy ny filalaovan-dratsy sy ny fisotroan-toaka ary ny fanompoan-tsampy izay fady indrindra; 1 Petera 4:1-3

Fa tonga ny andro hiantombohan'ny fitsarana hatra amin'ny ankohonan'Andriamanitra; ary raha manomboka amintsika izany, dia hanao ahoana kosa no hiafaran'izay tsy manaiky ny filazantsaran'Andriamanitra? 1 Petera 4:17

Koa amin'izany manetre tena eo ambanin'ny tàna-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin'ny fotoan'andro; ary apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo. 1 Petera 5:6-7

Anaka, izao no ora farany, ary tahaka ny efa renareo fa ho avy ny antikristy, sady maro no antikristy efa tonga sahady; koa izany no ahafantarantsika fa izao no ora farany. 1 Jaona 2:18

fa efa nilaza taminareo hoe izy: Amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira, izay handeha araka ny filan'ny haratsiany. Joda 1:18

Revelation

Sambatra izay mamaky sy izay mihaino ny tenin'ity faminaniana ity ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny; fa antomotra ny andro. Apokalypsy 1:3

ary nianiana tamin'izay velona mandrakizay mandrakizay, dia Izay nahary ny lanitra sy izay ao aminy ary ny tany sy izay ao aminy ary ny ranomasina sy izay ao aminy fa tsy hisy andro intsony; Apokalypsy 10:6

Koa mifalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa fohy ny androny. Apokalypsy 12:12

Ary nisy anjely iray koa nivoaka avy tao amin'ny tempoly niantso tamin'ny feo mahery ka nanao tamin'ilay nipetraka teo ambonin'ny rahona hoe: Arosoy ny fijinjanao, ka mijinjà, satria tonga ny andro fijinjana; fa masaka tsara ny vokatry ny tany. Apokalypsy 14:15

Ary hoy izy tamiko: Aza asiana tombo-kase ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity, fa antomotra ny andro. Apokalypsy 22:10

Apokrifa

Ary mba hampisehoana jiro ho antsika ao an-tranon'i Jehovah Andriamanitsika sady hanomezana antsika hanina amin'ny andro hanompoantsika. 1 Ezra 8:79

Ary rehefa afaka elaela dia nahatonga safodrano tamin'ny mponina teto amin'izao tontolo izao Hianao ka nandringana azy. 2 Ezra 3:9

Ary tsy mahatakatra izay zavatra nampanantenaina ny marina amin'ny ho avy; fa feno tsy fahamarinana sy fahalemena ity tontolo ity. Fa ny voan'ny ratsy dia efa nafafy tao am-pon'i Adama hatramin'ny voalohany, ary hatraiza ny tsy fahamarinana nentiny hatramin'izao fotoana izao? Ary hatraiza no mbola hamokarany mandra-pahatongan'ny andro fijinjana? 2 Ezra 4:27,30

Fa ho anao no misokatra ny paradisa, efa nambolena ny hazon'aina, efa voaomana ny fotoana ho avy, efa voaomana ny fahavokarana, efa voaorina ny tanàna, ary avela ny fitsaharana, eny, ny hatsarana sy ny fahendrena tanteraka. 2 Esdrasa 8:52

Dia namaly ahy Izy ka nanao hoe: Refeso tsara ny fotoana; ary rehefa hitanao ny sasany amin'ireo famantarana efa lasa, izay efa nolazaiko taminao teo aloha, dia ho fantatrao fa amin'izay fotoana izay ihany no hanombohan'ny Avo Indrindra hitsidika izao tontolo izao izay nataony. 2 Esdrasa 9:1-2

Dia namaly ahy izy ka nanao hoe: Tahaka ny saha, dia toy izany koa ny voa; tahaka ny voninkazo, dia toy izany koa ny lokony; tahaka ny mpiasa, dia toy izany koa ny asa; ary tahaka ny mpiasa tany, dia toy izany koa ny toeram-pamboleny; fa fotoan'izao tontolo izao izany. 2 Esdrasa 9:17

Ary ny Avo Indrindra koa efa nijery ny andro fiavonavonana, ary, indro, tapitra izany, ary tanteraka ny fahavetavetany. 2 Ezra 11:44

Ary hoy Izy tamiko: Toy ny tsy ahafahanao mikaroka na mahafantatra izay any amin'ny halalin'ny ranomasina, dia toy izany koa no tsy ahitan'ny olona etỳ ambonin'ny tany ny Zanako, na izay miaraka aminy, raha tsy amin'ny andro. 2 Esdrasa 13:52

Ary satria mpitsara marina Izy, dia nalainy taminao ara-potoana ny zavatra nomeny anao. 2 Esdrasa 14:32

Mandehana any Media anaka, fa mino tokoa aho fa izay nolazain'i Jona mpaminany momba an'i Ninive dia ho rava; ary hisy fiadanana vetivety any Media; ary hiparitaka eny amin'ny tany ny rahalahintsika hiala amin'izany tany tsara izany; ary ho lao Jerosalema, ary hodorana ao ny tranon'Andriamanitra, ka ho lao mandritra ny fotoana kelikely; ary Andriamanitra hamindra fo aminy indray, ary hamerina azy ireo any amin'ny tany, izay hanorenany tempoly, saingy tsy hitovy amin'ny voalohany, mandra-pahatongan'ny fotoanan'izany vanim-potoana izany; ary rehefa afaka izany, dia hiverina avy any amin'ny toerana rehetra nahababo azy izy ireo, ary hanorina an'i Jerosalema amim-boninahitra, ary ny tranon'Andriamanitra dia haorina ao mandrakizay miaraka amin'ny tranobe mahafinaritra, araka ny nolazain'ny mpaminany momba izany. Tobita 14:4-5

Fa izao no fotoana tokony hanampiana ny lovanao, ary hanatanterahana ny asanao mba handringanana ireo fahavalo izay mitsangana hamely antsika. Rehefa afaka izany, dia samy niverina tany amin'ny lovany avy izy rehetra, ary Jodita kosa nankany Betolia ka nijanona tao amin'ny taniny, ary tamin'izany andro izany dia nalaza eran'ny tany rehetra izy. Ary tsy nisy olona nampatahotra ny Zanak'Isiraely intsony na tamin'ny andron'i Jodita, na ela taorian'ny nahafatesany. Jodita 13:5,21,25

Fa kely loatra ny fanatitra rehetra ka tsy azo atao hanitra ankasitrahana ho Anao, ary ny sabora rehetra tsy ampy ho fanatitra doranao; fa izay matahotra an'i Jehovah no lehibe mandrakariva. Jodita 16:16

Tsarovy, Jehovah ô, ataovy fantatra amin'ny andro fahorianay ny tenanao, ary omeo herim-po aho, ry Mpanjakan'ny firenena sady Tompon'ny hery rehetra. Fanampiny amin'ny Estera 14:12

Ary tao an-kibon'ny reniko dia noforonina ho nofo nandritra ny folo volana, voatototra tamin'ny ra, avy tamin'ny taranak'olombelona sy ny fahafinaretana azo avy amin'ny torimaso. Fahendren'i Solomona 7:2

Raha misy lehilahy maniry traikefa betsaka, dia mahalala ny zavatra taloha izy, ary maminavina tsara izay ho avy; mahafantatra ny hafetsen'ny lahateny izy, ary afaka manazava fehezanteny sarotra; mahita famantarana sy fahagagana izy, ary ny fisehoan'ny fizaran-taona sy ny fotoana. Fahendren'i Solomona 8:8

Omeo fahendrena aho, ry mipetraka eo amin'ny seza fiandriananao; ary aza ariana tsy ho eo amin'ny zanakao aho; fa izaho mpanomponao sady zanaky ny ankizivavinao dia olona osa sady fohy andro, ary mbola kely loatra ka tsy mahay ny fitsarana sy ny lalàna. Fa na dia tsy tonga lafatra toy izao aza ny olona eo amin'ny zanak'olombelona, raha tsy ao aminy ny fahendrenao, dia tsy hohajaina izy. Fahendren'i Solomona 9:4-6

Fa hainao aseho amin'ny fotoana rehetra ny herinao lehibe, ary iza no mahatanty ny herin'ny sandrinao? Fahendren'i Solomona 11:21

Fa tamin'ny andro taloha koa, rehefa naringana ireo goavambe mpirehareha, dia nandositra tao anaty vilany malemy ny fanantenan'izao tontolo izao izay fehezin'ny tananao, ary namela taranaka ho an'ny taranaka fara mandimby. Fahendren'i Solomona 14:6

Fa tamin'ny zavatra rehetra, Tompo ô, dia nankalaza ny olonao Hianao ary nanome voninahitra azy, ary tsy mba nanary azy Hianao; fa nanampy azy tamin'ny fotoana sy ny toerana rehetra Hianao. Fahendren'i Solomona 19:22

Hanafina ny teniny izy mandritra ny fotoana kelikely, ary ny molotry ny maro no hanambara ny fahendreny. Ekleziastika 1:24

Ahitsio ny fonao, ary mahareta mandrakariva, ary aza maika amin'ny andro fahoriana. Mpitoriteny 2:2

Fa be famindram-po sy famindram-po Jehovah, mahari-po sady be famindram-po, ka mamela heloka sady mamonjy amin'ny andro fahoriana. Mpitoriteny 2:11

Aza mitady ny ho mpitsara, satria tsy mahay manala ny heloka ianao; fandrao hatahotra ny mason'ny mahery ianao, satria vato mahatafintohina ny lalanao izany. Ekleziastika 7:6

Eo an-tanan'i Jehovah ny fahefan'ny tany, ary amin'ny fotoana mety dia hanendry olona mahasoa hanapaka azy Izy. Ekleziastika 10:4

Aza manao raharaha loatra, ary aza mirehareha amin'ny andro fahorianao. Ekleziastika 10:26

Ny asan'i Jehovah dia efa natao araka ny fitsarana hatramin'ny voalohany; ary hatramin'ny andro namoronany azy dia efa voalamina ny anjarany. Ekleziastika 16:26

Nahary ny olombelona avy amin'ny tany Jehovah, ary nampody azy ho amin'izany indray. Nomeny andro vitsivitsy sy fotoana fohy izy ireo, ary nomeny fahefana amin'izay rehetra ao aminy koa. Ekleziastika 17:1-2

Manetre tena dieny mbola tsy marary ianao, ary amin'ny fotoanan'ny fahotana dia mibebaha. Aza avela hisy hanakana anao tsy hanefa ny voadinao amin'ny fotoana mety, ary aza mangataka andro mandra-pahafatinao mba hohamarinina. Alohan'ny hivavahanao dia miomàna; ary aza manao toy ny olona maka fanahy an'i Jehovah. Eritrereto ny fahatezerana izay ho avy amin'ny farany, ary ny fotoanan'ny famaliana, rehefa hamadika ny tavany Izy. Rehefa manana ampy ianao dia tsarovy ny fotoanan'ny hanoanana; ary rehefa manankarena ianao dia tsarovy ny fahantrana sy ny tsy fahampiana. Hatramin'ny maraina ka hatramin'ny hariva dia miova ny fotoana, ary ny zavatra rehetra dia vita haingana eo anatrehan'i Jehovah. Ny hendry dia matahotra ny zavatra rehetra, ary amin'ny andro hanotany dia hitandrina ny fandikan-dalàna izy; fa ny adala kosa tsy mitandrina ny fotoana. Ekleziastika 18:21-27

Aza tantaraina amin'ny hafa izay nolazaina taminao, dia tsy hiharatsy intsony ny fiainanao. Na amin'ny namana izany na amin'ny fahavalo, aza miresaka momba ny fiainan'ny hafa; ary raha afaka manao izany tsy misy fanafintohinana ianao, dia aza ambara izany. Fa efa nandre sy nandinika anao izy, ary rehefa tonga ny fotoana dia hankahala anao izy. Ekleziastika 19:7-9

Tsy fahendrena ny fahafantarana ny ratsy fanahy, ary tsy fahendrena na oviana na oviana ny torohevitry ny mpanota. Mpitoriteny 19:22

Misy olona mangina satria tsy maintsy mamaly; ary misy kosa mangina satria fantany ny fotoanany. Ny hendry mangina mandra-pahitany fotoana mety; fa ny mpibedibedy sy ny adala kosa tsy mba mahalala ny fotoana. Ekleziastika 20:6-7

Toy ny mozika fisaonana ny tantara tsy amin'ny fotoana; fa ny kapoka sy ny fananarana araka ny fahendrena kosa tsy mba lany andro. Ekleziastika 22:6

Toy ny hazo mifatotra sy mifamatotra amin'ny tranobe tsy azo vahana amin'ny fihozongozonana, dia toy izany koa ny fo izay mafy orina amin'ny torohevitra tsy hatahotra na oviana na oviana. Ekleziastika 22:16

Aoka ho mahatoky amin'ny namanao amin'ny fahantrany ianao, mba hifalianao amin'ny fanambinany; mitoera ho mahatoky aminy amin'ny andro fahoriany, mba hiara-mandova aminy amin'ny lovany ianao; fa tsy azo hamavoina mandrakariva ny mahantra, ary tsy azo deraina mandrakariva ny mpanankarena adala. Ekleziastika 22:23

Mameno ny zavatra rehetra amin'ny fahendreny Izy, tahaka an'i Phison sy Tigrisy amin'ny fotoam-boankazo vaovao. Mampamirapiratra ny fahendrena tahaka an'i Eofrata Izy, ary tahaka an'i Jordana amin'ny fotoam-pijinjana. Mampiseho ny fampianarana momba ny fahalalana toy ny hazavana Izy, ary toy ny kintana amin'ny fotoam-piotazam-boaloboka. Ekleziastika 24:25-27

Na manankarena na mahantra ny olona iray, raha manana fo tsara eo anatrehan'ny Tompo izy, dia hifaly amin'ny tarehy falifaly mandrakariva. Ekleziastika 26:4

Raha anisan'ny tsy malina ianao, dia tandremo ny fotoana; fa aoka ho isan'ny olona manan-tsaina mandrakariva. Ekleziastika 27:12

Ampindramo amin'ny namanao amin'ny fotoana ilàny izany, ary aloavy amin'ny fotoana mety aminy. Tandremo ny teninao, ary miaraha aminy amim-pahatokiana, dia ho hitanao foana izay ilainao. Maro, rehefa nisy zavatra nampindramina azy, no nihevitra fa efa hita izany, ka nampijaly azy ireo izay nanampy azy. Mandra-pahazoany, dia hanoroka ny tanan'ny olona izy; ary rehefa mahazo ny volan'ny namany izy dia miteny amim-pahalemem-panahy; fa rehefa mamerina kosa izy, dia hanalava ny fotoana, ary hamaly teny malahelo sy hitaraina momba ny fotoana. Ekleziastika 29:2-5

Ny fialonana sy ny fahatezerana dia mahafohy ny androm-piainana, ary ny fiahiana dia mahatonga ny fahanterana alohan'ny fotoana. Ekleziastika 30:24

Aza miboiboika teny eo anatrehan'ny mpitendry zavamaneno, ary aza mampiseho fahendrena tsy amin'ny fotoana. Ekleziastika 32:4

Amin'ny andro hifaranan'ny andronao sy hamarananao ny fiainanao, dia zarao amin'ny lovanao. Ekleziastika 33:23

Toy ny rahona amin'ny andro hain-tany ny famindram-po, ary toy ny rahona amin'ny andro maina ny orana. Ekleziastika 35:20

Aza avela ho fohy ny fotoana, tsarovy ny fanekena, ary aoka izy ireo hanambara ny asanao mahagaga. Ekleziastika 36:8

Misy sakaiza mifaly amin'ny fiadanan'ny sakaizany, nefa amin'ny andro fahoriana dia ho avy hamely azy izy. Ekleziastika 37:4

Dia omeo toerana ny dokotera, fa Jehovah no namorona azy; aza avela hiala aminao izy, fa mila azy ianao. Misy fotoana izay misy fahombiazana eo an-tanany. Fa hivavaka amin'ny Tompo koa izy ireo mba hanambina izay omeny ho fanamaivanana sy ho fanafody hanalava ny androm-piainana. Ekleziastika 38:12-14

Ary tsy hisy hanao hoe: Inona ity? Fa maninona moa? Fa amin'ny fotoana mety dia hotadiavina avokoa izy rehetra; araka ny didiny dia nijanona ho toy ny antontan-javatra ny rano, ary araka ny tenin'ny vavany dia toy ny fitoeran-drano ny rano. Ekleziastika 39:17

Misy fanahy noforonina ho amin'ny famaliana, izay mamely mafy amin'ny hatezerany; amin'ny andro fandringanana dia avoakany ny heriny, ary ampitoneny ny fahatezeran'Ilay nanao azy. Ekleziastika 39:28

Hifaly amin'ny didiny izy ireo, ary ho vonona etỳ an-tany rehefa ilaina izany; ary rehefa tonga ny fotoanany, dia tsy handika ny teniny izy ireo. Ka tsy misy olona afaka milaza hoe: Ratsy kokoa noho izany ity: fa amin'ny fotoana dia ho ankasitrahana avokoa izy rehetra. Mpitoriteny 39:31,34

Miaro amin'ny fotoan-tsarotra ny rahalahy sy ny mpanampy; fa ny fiantrana kosa dia mahavonjy mihoatra noho izy roa tonta. Ekleziastika 40:24

Nanao ny volana koa Izy ho amin'ny fotoany, ho fanambarana ny fotoana sy ho famantarana ny tany. Ekleziastika 43:6

Hita fa lavorary sy marina i Noa; tamin'ny andron'ny fahatezerana dia nalaina ho takalon'izao tontolo izao izy; koa dia navela ho sisa tavela amin'ny tany izy, rehefa tonga ny safodrano. Ekleziastika 44:17

Tamin'ny andron'i Mosesy koa dia nanao asa famindram-po izy sy Kaleba, zanak'i Jefone, tamin'ny nanoherany ny fiangonana, sy nisakanany ny olona tsy hanota, ary nampitony ny fimonomononan'ny ratsy fanahy. Ekleziastika 46:7

Nanjaka tamin'ny andro fandriampahalemana i Solomona, ary nohajaina; satria nataon'Andriamanitra mangina ny manodidina azy, mba hahafahany manorina trano ho an'ny anarany sy hanomana ny fitoerany masina mandrakizay. Ekleziastika 47:13

Ny fahatsiarovana an'i Josia dia toy ny firafitry ny ditin-kazo manitra izay nataon'ny mpanao zava-manitra: mamy toy ny tantely amin'ny vavan'ny olona rehetra izany, ary toy ny mozika amin'ny fanasana divay. Nitondra tena araka ny rariny izy tamin'ny fiovam-pon'ny olona, ary nanaisotra ny fahavetavetan'ny heloka. Nampifantoka ny fony tamin'ny Tompo izy, ary tamin'ny andron'ny ratsy fanahy dia nanorina ny fanompoam-pivavahana amin'Andriamanitra. Ekleziastika 49:1-3

Ahoana no fomba hankalazantsika an'i Zerobabela? Toy ny fanombohan-kase eo amin'ny tanana ankavanana izy: Toy izany koa i Jesosy, zanak'i Josedeka: izay tamin'ny androny no nanorina ny trano sy nanangana tempoly masina ho an'i Jehovah, izay voaomana ho amin'ny voninahitra mandrakizay. Ekleziastika 49:11-12

Koa ankehitriny, misaora an'Andriamanitry ny zavatra rehetra, Izay manao fahagagana mandrakariva, Izay manandratra ny androntsika hatrany am-bohoka, ary miasa amintsika araka ny famindram-pony. Hanome antsika fifaliana am-po Izy, ary mba hisy fiadanana mandrakizay ao amin'ny Isiraely amin'ny androntsika: Mba hanamarinany ny famindram-pony amintsika, ary hamonjy antsika amin'ny fotoany! Ekleziastika 50:22-24

Niantso an'i Jehovah, Rain'ny Tompoko, aho mba tsy handao ahy amin'ny andro fahoriako, ary amin'ny andro iavonavonan'ny mpiavonavona, izay tsy nisy famonjena. Hidera ny anaranao mandrakariva aho, ary hihira fiderana amin'ny fisaorana; ary dia nohenoina ny fivavako: Fa namonjy ahy tamin'ny fandringanana Hianao ary nanafaka ahy tamin'ny andro fahoriana; koa izany no hisaorako sy hiderako Anao, ary hisaotra ny anarany, Jehovah ô. Ekleziastika 51:10-12

Ataovy araka ny tokony ho izy ny asanao, ary amin'ny fotoany dia homeny anao ny valisoanao. Ekleziastika 51:30

Aza tsarovana ny heloky ny razanay; fa tsarovy ny herinao sy ny anaranao amin'izao andro izao. Baroka 3:5

Ary rehefa nanakaiky ny fotoana hahafatesan'i Matatiasy, dia hoy izy tamin'ireo zanany lahy: Ankehitriny dia efa mahery ny avonavona sy ny fananarana, ary ny fotoanan'ny fandringanana sy ny fahatezerana mirehitra. Koa ankehitriny, anaka, aoka ho mafana fo amin'ny lalàna ianareo, ary atolory ny ainareo ho an'ny faneken'ny razanareo. Tsarovy ny asa nataon'ny razantsika tamin'ny androny, dia hahazo voninahitra lehibe sy anarana mandrakizay ianareo. Moa tsy hita ho nahatoky tamin'ny fakam-panahy va Abrahama, ka noheverina ho fahamarinana izany? Josefa tamin'ny andro fahoriany dia nitandrina ny didy ka natao tompon'i Ejipta. 1 Makabeo 2:49-53

Koa ankehitriny, sanatria amiko ny hitsitsy ny aiko amin'ny andro fahoriana rehetra, fa tsy tsara noho ny rahalahiko aho. 1 Makabeo 13:5

Tamin'izany andro izany dia nitsangana i Simona ka niady ho an'ny fireneny, ary nandany betsaka tamin'ny fananany manokana izy sady nampirongo fiadiana ireo lehilahy mahery tao amin'ny fireneny sady nanome azy ireo karama. Fa tamin'ny androny dia niroborobo ny zava-drehetra teo an-tanany, ka dia nesorina tamin'ny taniny ny jentilisa, ary koa ireo izay tao an-tanànan'i Davida tao Jerosalema, izay efa nanao tilikambo ho an'ny tenany, dia nivoaka avy tao izy ireo ka nandoto ny manodidina ny fitoerana masina sady nanimba zavatra betsaka tao amin'ny fitoerana masina. 1 Makabeo 14:32,36

Ry rahalahy, ry Jiosy izay any Jerosalema sy any amin'ny tany Jodia, mirary soa sy fiadanana ho an'ny rahalahy, ry Jiosy izay any amin'ny tany Ejipta: Andriamanitra anie hamindra fo aminareo, ary tsarovy ny fanekeny izay nataony tamin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, mpanompony mahatoky; ary homeny anareo fo hanompo Azy sy hanao ny sitrapony amin-kerim-po sy fanahy mazoto; ary sokafy ny fonareo amin'ny lalàny sy ny didiny, ary ampitondrainy fiadanana ho anareo, ary henoy ny vavakareo, ary aoka hiray hina aminareo izahay, ary aza mahafoy anareo amin'ny andro fahoriana. 2 Makabeo 1:1-5